ANJOZOROBE 4

# RAIKITRA NY FIFANDONANA, MATY VOA-TIFITRA ILAY JIOLAHY MPAKA AN-KERINY

MARINA IZANY ! 7
FIOMANANA ...!

ITAOSY 4
LEHILAHY HITA FATY TAO AN-TRANONY


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7637 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 07 aogositra 2023


BRICKAVILLE - ANDEKALEKA
FITATERANA AN-DALAMBY 8
TSY MAHAFA-PO IREO MPANJIFA

BEATBOX 2



NOROMBAHIN'I DO B NY TOMPON-DAKA ERAN-TANY

ANTOKO TGV TENY ATSIMONDRANO 7

# MIANTSO NY FILOHA ANDRY RAJOELINA HILATSAKA HOFIDIANA



SECES - ANTANANARIVO 8
HANAO FIVORIAMBE ANIO

LAZA RABARY 7
HIOFANA MOMBA NY LEADER-SHIP ANY HARVARD



BASKET - LALAON'NY FRANKÔFÔNIA 3

# AZON'NY ANKOAY NY MEDALY ALIMO






Beatbox

# Norombahin'i Do B ny tompon-daka eran-tany

*Mpandray anjara maro avy amin'ny firenena samy hafa no nifanandrina taminy.*


Nametraka tantara eo amin'ny tontolon'ny Beatbox i Do B.

Ny 2 ka hatramin'ny 6 aogositra teo no natao tany Berlin, Alemaina, ny fifaninana iraisam-pirenena mikasika ny Beatbox. Taranja iray anatin' ny tontolon'ny kolontsain'ny tanandehibe sy ny Hip Hop izy io. I Do Rasolofoarison, fantatry ny maro amin'ny hoe Do B, no nisolo tena an'i Madagasikara tamin'izany. Ny alin'ny sabotsy hifoha alahady teo no natao ny lalao manasadalana sy ny famaranana, ka i Do B no nandrombaka ny laharana voalohay teo amin' ny taranja "Vocal Scratch », Beatbox, na feon-javamaneno ( hip hop) atao amin'ny vava. Fanirian'i Do B hatramin' ny taona 20214 ny handray anjara amin'izany fifaninana iraisam-pirenena izany. Tanteraka ny nofinofiny, mpandray anjara maro avy amin'ny firenena samy hafa no nifanandrina taminy. Vao voaantso ho an'izan'ny mpandray anjara fotsiny dia efa nahafaly azy, kinanjo moa dia tsy izay fotsiny fa norombahiny hatramin'ny laharana voalohany, ka tsy hay lazaina intsony ny hafaliany sy ireo mpankafy azy aty Madagasikara. Marihina fa tao Leipzig, any Allemagne, no nanombohan'ny fifaninanana voalohany tamin'ny taona 2005. Somary nangingina kely izy 5 taona lasa noho ny teo-javatra maro nitranga, ka anisan'ny sakana tamin'ireny ny korona. Niverina indray izy tamin'ity taona ity ka izao nahafahan'i Do B nametraka tantara eo amin'ny kolontsaina izao.

Tiaray R

" Tranombakoka Nalisoa Ravalitera "

# Hotokanana tsy ho ela any Tsarahonenana Imerimandroso, Alaotra

Andrarezin'ny haisoratra itoeran'ny talenta, mpampianatra-mpikaroka, mpanao asa soratra, mpikabary, Tale Jeneraly momba ny Teny ao amin'ny Akademia, mpikambana mahefa ary filoha lefitra ao amin'ny Akademia Malagasy sy ny « Académie Africaine des Langues » ary anisan'ny tsangambataon' ny fanabeazana Tily ny Dr. Jean Rabenalisoa Ravalitera (docteur es-Lettres). Reharehan'ny Fikambanan'ny Zanak'i Tsarahonena Imerimandroso, faritra Alaotra, izany ka nahatonga azy ireo nanangana tranombakoka any an-toerana, nampitondraina ny anarana hoe « Nalisoa Ravalitera ». Hotokanana amin'ny 12 aogositra izao izy io, izay toerana mitahiry sy ahitana ny tantaran'ity andrarezin'ny soratra sy teny ity. Ankoatra ny maha tranombakoka azy dia natao hisarihana mpizaha tany vahiny sy


Reharehan'ny Fikambanan'ny Zanak'i Tsarahonenana Imerimandroso ny fananana ny Dr. Jean Rabenalisoa Ravalitera.

Malagasy ihany koa, ary sehatra iray anandratana ny ara-kolontsaina. Manana ny tantarany manokana mantsy ny ao Tsarahonenana hatramin'ny andron'ny faha mpanjaka. Tao no nametrahandRadama ny 100 lahy sy 100 vavy sy ny 40 lahy mialoha ny tao Imerimandroso. Azo anaovana fikarohana, ary ezahina ny hahatonga azy ho ivontoerana iray fakana tahirin-kevitra. Araka ny fanazavana dia anisan'ny antony nampiredareda tao am-pon'ny taranaka ny hananganana tranombakoka dia avy amin'ilay tenin'i Dox hoe « Raha ho avy izay hodiako any ambany Rangolahy, tsy azon'izy ambinany izay tontolo hanaraka ahy ». Ny tontolon'ny mpanoratra iray momba ny zavatra nataony teo amin'ny firenena, fiangonana, asa soratra sy famoronana, fikarohana dia ho hita any avokoa dieny mbola velona i Nalisoa Ravalitera, ary mbola afaka manampy ireo mpikaroka. Raha manana an'i Victor Hugo any Besançon ny Frantsay dia ny antsika izany i Nalisoa Ravalitera.

**Fifaninanana hosika**

Ankoatra ny fanokanana ny tranombakoka dia hisy ihany koa ny hetsika ara-kolontsaina anandratana ny fomba amam-panao any amin'iny faritra iny. Raha ny fanazavana dia hanomboka ny 11 ka hatramin'ny 13 aogositra ny hetsika. Tafiditra ao anaty fandaharam-potoana ny forazaza faobe, ary mandritra izany no hanehoan'ireo fianakaviana manana zaza foraina ny hosika, fomba mampiavaka iny faritra iny. Nasiana fifaninanana moa io hosika io ka hotolorana loka izay mahazo ny voalohany. Marihina fa namoaka olomanga maro ary nitana andraikitra ambony teto amin' ny firenena ny tao Tsarahonenana Imerimandroso. Isantaona no hankalazana any an-toerana ny andron'ny zanaka am-pielezana. Tanjona amin'izany ny hampitana amin'ireo taranaka aty aoriana ny tantara, fa ny tena zava-dehibe dia ny fampahafantarana azy ireo ny tanindrazany sy ny fiaviany.

Tiaray R

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Vitako ny manatanteraka ny zavatra tiako, satria ny saiko dia afaka maminavina tsara ireo faniriako."

Ny Vetso (05 .04. 14)

("Tout ce que votre ésprit peut concevoir et désirer, votre ésprit peut le réaliser." Napoléon HILL)

Fampirantina

## Mpaka sary malagasy 6 mampiranty any Arles


Santionany amin'ireo tabilao aranty any Arles.

Manolotra fampirantiana sary any Arles, ao amin'ny Galerie au Docks d'Arles, nanomboka ny 19 jolay lasa teo ary hifarana ny 19 aogositra izao ireo mpaka sary malagasy miisa enina, ahitana an'i Miora Rajaonary, Viviane Rakotoarivony, Henintsoa Rafalia, Iako Randrianarivelo, RIjasolo ary i Christian Sanna. Samy mampiseho ny talentany eo amin'ny fahaiza-maka sary izay avy izy ireo, izay marihina fa dia samy sangany avokoa amin'io sehatra io. Fampirantiana A to A, io moa no anarana nampitondraina ity fampirantina ity. Raha halavaina dia Antananarivo To Arles. Araka izany dia mpaka sary avy eto Antananarivo avokoa izy ireo no nankany Arles mampiranty ny asa tanany. Hevitra avy amin'izy ireo ihany moa izany, ka i RIjasolo no mikarakara ny lafiny rehetra mba hahatontosa izany. Efa ela no niketrehan'izy ireo izany ka dia azo antenaina fa zavatra miavaka sy tsy mena-mitaha fa manandratra hatrany ny fahaiza-manao antsika Malagasy no entin'izy ireo any ivelany any. Samy efa mpampiranty sary any ivelany ihany koa moa izy ireo ka efa tsy vahiny amin'ny asa tanan'izy ireo intsony ny olona any. Mahafaly ireto farany aza moa ny mba hahita azy ireo miaraka tahaka izao mba hankafizana amin'ny toerana iray ny kanto atolotr'izy ireo. Marihina tokoa mantsy fa sahala amin'ny mitsangantsangana mitety toerana maro sy vanim-potoana samihafa izany ny olona iray rehefa mitsidika fampirantina sary tahaka izao, ka izay no tena mahatsara azy. Samy manana ny fomba fandraisany koa ny tsirairay ka misy ny fifanakalozan-kevitra, izay tena ilaina amin'ny fampirantina tahaka izao.

Tanya.R

IKK andiany faha-4

# Niara-nilalao tamin'ny mpijery ireo mpanao hatsikana


Tsy nijanona teo amin'i Ded's ihany ilay hafanan'ny fiarahana, fa vao mainka nampiakarin'i Mihora ambony kokoa ny maripana.

Fihaonan'ny tia sy ny manina. Izay no azo amintinana ny fiarahan'ireo mpiangaly hatsikana sy ny mponina teny Bemasoandro Itaosy, nandritra ny IKK (Itaosy Kaomedy Klioba), ny tolakandron'ny asabotsy 5 aogositra lasa teo. Tafiditra tao anatin'ny aingam-panahin-dry Lanja Babeine, Mihora ary Ded's hatramin'ny mpijery mantsy nandritra ny fiarahana. Ankizy mpianatra rahateo no maro an'isa tamin'ireo namaly ny antso, ka samy afa-po na ireo mpanao hatsikana na ireo mpianatra nahazo fialamboly. I Ded's no nitarika tsikelikely ireo kilonga hiditra handray anjara anatin'ny hatsikana notontosainy. Tao anatin'ny ambiansy tanteraka no nandraisan'ireo mpijery an'izany, satria tsy i Ded's irery no nampialavoly fa na ireo ankizy aza nampita onjampifaliana sy namoha talenta avy any aminy, ka nampiakatra ny hafanana tao an-toerana.

***« Stand up »***

Tsy nijanona teo amin'i Ded's ihany ilay hafanan'ny fiarahana, fa vao mainka nampiakarin'i Mihora ambony kokoa ny maripana. Nampitsanganany teny anoloana hatramin'ireo mpijery handray anjara anatin'ny lalao mifangaro hatsikana ka feno ny hafalian'ireo kilonga mangetaheta fialamboly amin'iny faritra iny. Feno tanteraka ilay maha « Stand up » ny hatsikana tanterahin'ireto tanora ho avin'ny hatsikana eto amintsika ireto. Mampiavaka azy ireo mantsy ilay hatsikana miainga amin'ny zavamisy eo am-piakarana sehatra mihitsy. Izany hoe misy ihany ny fanomanana fa eny ambony lapihazo eny, misy tranga tampoka dia ampidirina anatin'ny hatsikana iny avy eo.

Amin'ny sabotsy 2 septambra indray ny IKK manaraka, izay hiarahana amin'ireo mpiangaly hatsikana amin' ny fomba maoderina antsoina hoe « stand up » ireto. Amboaro dieny izao ny programa fa anatin'ny vakansy isika izao.

Tiaray R

# Lalaon'ny Frankôfônia 2023 - Andiany faha 9

## Filaharana vonjimaika

### Laharana faha-13 i Madagasikara

Nivalona omaly tany Kinshasa, Renivohitry ny Repoblika Demokratikan'i Congo, ny andiany faha-9 amin'ny Lalaon'ny Tany Miteny sy Mampiasa ny Frantsay 2023, izay nanomboka tamin'ny 28 jolay 2023. Firenena 29 no nandray anjara tamin'ny fifaninanana ka anisan'izany i Madagasikara. Raha ny filaharana vonjimaika misy antsika dia mitana ny laharana faha-13 i Madagasikara, teo amin'ny fotoana nanoratana ny lahatsoratra. Nahatratra telo ny medaly volamena, efatra volafotsy ary telo ny alimo, mahatratra 10 ny fitambarany. Anisan'ireo firenena afrikanina mbola eo alohantsika i Senegal, nahazo medaly volamena efatra sy volafotsy enina ary alimo roa, arahin'ny nosy Maurice (4 – 3 – 1). Tamin'ny andro faha-7 nanaovana ny fifaninanana dia mitarika tamin'ny laharan'ny firenena dimy voalohany kosa i Maroc (22 – 16 – 19), arahin'i Roumanie (17 – 9 -12) – Cameroun (11, mety mbola hiampy volamena iray raha resiny tamin'ny baolina kitra halina i Burkina Faso – 13 – 14) – Senegal (10 – 7 – 6) – France (7 – 4 – 3). Ady baolina kitra nifanaovan'i Cameroun sy Burkina Faso no namaranana ny fifaninanana teo amin'ny taranja ara-panatanjahantena, izay nisy fahasarotana satria maro ny mpijery tsy tafiditra kanefa mikiry hiditra tao anatin'ny kianja hatrany. Taorian'izany no namaranana tamin'ny fomba ofisialy ny lanonana. Tany ampanombohan'ny fifaninanana dia nahatsapa fijaliana ny delegasionina malagasy, teo amin'ny fampiantranoana sy ny sakafo ary ny fivezivezena tetsy sy teroa. Taorian'ny antso avo nataon'ny atletantsika tamin'ny tambajotran-tserasera, dia nikoropaka ny tomponandraikitra nampiantrano ny lalao ka novahaina haingana ny olana tamin'i Madagasikara. Tetsy andanin'izany koa moa ny lehiben'ny delegasionina malagasy, dia tsy nipetra-potsiny fa nanaitra ny sain'ny manampahefana tany an-toerana. Efa fantatra ireo firenena anankiroa, hampiantrano ny andiany faha-10 ny lalao frankofônia, dia i Arménie sy Benin. Amin'ny volana septambra no fantatra ny anankiray amin'ireo firenena ireo, ahazo ny lalao.

## Basket - Vehivavy

### Azon'ny ANKOAY ny medaly alimo

Tanteraka soa aman-tsara ny fanambarana nataon'ny mpanazatra Prisca Razananirina Gouges, mialoha ny "lalao famaranana kely", fa tsy maintsy atao ny ahazoantsika ny medaly alimo, nifanaovan'ny ekipam-pirenentsika tamin'i Liban, izay lavon'ny ANKOAY tamin'ny isa 69 no ho 63. Tsara fanombohana ny ekipantsika satria nitarika tamin'ny isa 22 no ho 13 teo amin'ny ampahefa-potoana voalohany, tamin'ny alalan'ny fanaovana "pressing" ambony ka tsy nahitan-dry Assadourian sy ry Lahoud nanatanteraka firy ny teti-dalaony. Ankoatra an'izany dia nampiseho ny talentany tamin'ny fahaizana mitifi-davitra sy ny fahasahiana namakivaky ny vodilaharan'ny mpifanandrina taminy i Jaofera Christiane, voafidy ho MVP tamin'ny fihaonana iny, nampian'ny fahaiza-miaraky ny kapiteny Muriel sy ry Angela ary Jessica sy Kristina, izay tsy nihafihafy mihitsy teo anatrehan'ny libanezy lava ranjanana. Teo amin'ny ampahefa-potoana faharoa no saika nivaha ny fiarovantena nataon'ny mpilalaontsika sasany. Nampiakatra ny isa azon'i Liban tamin'ny fahadisoana matetitetika natao, nahazoan'i Mansour (kap) sy Matilda Khalie nampidi-baolina tamin'ny "lancer franc 100 %" nataony. Tsy maintsy nampiditra mpilalao mpisolo toerana mantsy ny mpanazatra Prisca, nampian'ny DTN Angelot Razafiarivony, nitsinjovana ny vovok'ain'ireo tompon-toerana hatramin'ny fihafaran'ny lalao. Saika novidiana lafo ! Nanomboka hatreo amin'ny ampahefa-potoana fahatelo (59/49) ka hatramin'ny farany dia tsy nesorina tamin'ny toerany intsony ireo andrin'ny Ankoay. Nitarika tamin'ny isa hatrany isika, ary tsy voasongona intsony, na dia nampitaintaina ny mpijery ny fizotran'ny lalao hatramin'ny segondra farany. Ankoatra ny tsy fahaizana mitifi-davitra dia mbola anisan'ny lesoka tokony ahitana vaha-olana, mialoha ny lalaon'ny nosy eto amintsika, ny fianarana manipy baolina amin'ny fanaovana "lancer franc". Ny fahaiza-miaraky ny mpilalao aloha dia efa mba misy jerena ihany. Saingy manahirana ihany koa amin'ny mpilalao sasany dia ny tsy fahafehezana tsara ny fanaovana " défense individuelle / zone " fa hangalan'ny mpifanandrina "faute". Manginy fotsiny ny fatahorana midona amin'ny fanaovana "blocage". Efa mba manomboka voavaha kosa ny fahaizana maka sy mitam-baolina amin'ny fanaovana " rebond defensif / offensive ". Fantatra fa amin'ny talata 08/08/2023 (15 ora) no ho tonga eto antanindrazana ny ekipantsika.



Andrin'ny ANKOAY ravehivavy !

## "Lutte Africaine"

### Nahazo ny anjarany koa i Malala Soloniaina

Ankoatra ny basket-ball teo amin'ny lalao iraisana, dia mbola nandrombaka medaly alimo frany ihany koa i Malala Soloniaina, teo amin'ny fiatrehana ny "Lutte Africaine", izay tanterahina eny ambony fasika. Mikasika an'ity fifaninanana ity dia azon'ny mpitolona atao tsara ny mandraoka medaly raha voafolaka ny filalaovana azy, izay tsy mitovy amin'ny "Lutte Libre". Ankoatra an'ireo voalaza ireo, dia tsara ampatsiahivina ireo atleta sy mpiangaly zava-kanto nahazo medaly. Teo amin'ny volamena dia telo mirahavavy no nandrombaka an'izany, dia i Sidonie Fiadanantsoa, niatrika ny hazakazaka 100 metatra misy fefy, sy i Richianny Ratovo mpanao hosodoko, ary Laura Rasoanaivo mpanao judo, teo amin'ny latsaky ny 70 kg, mbola ao anatin'ny sokajy "junior" fa niatrika ny fifaninanana ho an'ny "senior". Toy izao kosa ny nahazo medaly volafotsy, izay mbola nigalabonan'ny vehivavy : Mbolalaina Aimé Rakotonirina, tolona – Fabio Rakotoarimanana, tenisy ambony latabatra – Narindra Rakotovao, mpana "judo", ary Fitiavana Ratovo teo amin'ny sary sikotra.

**aris rafaly**


Niady mafy koa i Malala !

ASIEF - Lalao ara-pirahalahiana

# Nanao pao-droa ny ekipan'ny governemanta

Fandresena 2 tamin'ny lalao 3 nataony ny faran'ny herinandro teo taty Toamasina no azoan'ny ekipan'ny governemanta nanoloana ny ekipan' ny faritra Atsinanana. Lalao ara-pirahalahiana, tafiditra anatin'ny fifaninanana Nasionaly Asief. Ny fihaonana teo amin'ny baolina kitra no nisantarana izany ny andron'ny asabotsy, teny amin'ny stadium Barikadimy, nisaraka ady sahala samy tsy nisy nitoko ny ekipa roa tonta ka tsy maintsy niditra tamin'ny "t-à-b", ka ny ekipan'ny faritra Atsinanana no nivoaka mpandesy. Nitohy omaly teny amin'ny kianja mitafon'i Soavita ny fihaonana teo amin'izy ireto, ka ny taranja basketball no nakokafana ny fotoana. Tsara fanombohana ny ekipan'ny governemanta, notarihan'ny laharana faha-13 dia ny Praiminisitra Ntsay Christian. Teo am-pialantsasatra dia efa nitarika tamin' ny isa 15 no ho 14 izy ireo. Tsy nijanona tamin'io fa mbola nanatombo ny ekipan'ny governemanta teo amin'ny fizaram-potoana faharoa. Nahafaly ny mpijery tonga maro tao amin'ny kianja mitafon'i Soavita ny nahita an'ireo Minisitra roa vavy, Ratsiraka Sophie sy Rindra Hasimbelo mitondra baolina. Ankilany, nanahirana ny mpifanandrina taminy ny nanakana ny Minisitry ny asa vaventy, kolonely Andrianatrehina Livah, izay nanatombo sady nahay nampiasa ny haben'ny vatany, ary dia nomofoany avokoa izay mitady hantsaka tao aminy. Teo ihany koa ry SEG, Jeneraly Serge Gelée sy ny Minisitry ny filaminambahoaka, contrôleur général Randrianarison Rodellys ary ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, Jeneraly Rakotoarijaona Josoa, izay nanatombo tamin' ny fahaiza-miaraka, ka antoka iray nitondra ny fandreseny, tamin'ny isa 30 no ho 25. Mbola fandresena tamin' ny seta 2 no ho 1 koa no azon'ny ekipan'ny governemanta teo amin'ny taranja Volleyball. Ny ekipan'ny faritra Atsinanana anefa no nahazo ny seta voalohany 25 no ho 20. Nihoatra kosa teo amin'ny seta faharoa ry Minisitry ny fanabeazam-pirenena, Sahondrarimalala Marie Angèle sy ry Minisitry ny fahasalamam-bahoaka, Randriamanantany Zely, ka tsy namelan'izy ireo raha tsy lasany ny seta faharoa. Niditra tamin'ny "tie break" ny roa tonta avy teo ka ny ekipan' ny governemanta no nahazo ny fandresena tamin'ny isa 17 no ho 15, izay nitondra ihany koa ny fandrombahana ny fandresena. Nanolotra omby roa sy vary amin'ny kitapo ho an'ny ASIEF moa ny praiminisitra lehiben'ny governemanta, hanampiana amin'ny fikarakarana ity fifaninanana nasionaly ity.


Ny fahaiza-miaraka teo amin'ny ekipa notarihan'ny praiminisitra no tombony ho azy ireto.

**Rabenaivo**

PETITES ANNONCES Gazetiko

MIVIDY

* Miora. Mividy : Kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 609/17-11)

* Debara, kilalao, lakozia, fanaka, lamba, kiraro, poketra. Tél : 034.61.958.82 / 032.52.755.16. (G-BA 618/12-3)

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 613/20-4)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaine, télé, an-dakozia etc… Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 614/20-3)

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakojan-dakozia. Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 615/20-3)

COURS

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 617/4-3)

SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 616/6-1)

VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdu, puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 611/10-10)

Anjozorobe

# Raikitra ny fifandonana, maty voatifitra ilay jiolahy mpaka an-keriny

*Araka ny fanampim-baovao dia basy vita gasy sy basim-borona no nampiasain'ireo jiolahy nandritra io fifanjevoana io.*



Ilay jiolahy maty voatifitra miaraka amin'ny basy vita gasy iray nampiasainy.

Lehilahy iray voalaza fa jiolahy mpaka an-keriny fantatra amin'ny anarana hoe Salama no maty voatifitry ny zandary afakomaly tany amin'ny toerana antsoina hoe Andafiatsimo Ambedamena, ao anatin'ny fokontany Fanjavarivo, kaominina Ambohibary Vohilena, any amin'ny distrikan'Anjozorobe. Nahazo loharanombaovao ny zandary fa hita ao amin'io toerana io ity jiolahy raindahiny ity sy ny ekipany, ary mikasa hanao fakana ankeriny. Raha vao naheno izany ireo mpitandro filaminana dia nidina avy hatrany tany amin'ilay toerana voalaza, kanefa raha vao nahatazana azy ireo fotsiny ireo jiolahy dia nanao tifitra variraraka. Voatery namaly tifitra araka izany ny zandary ka raikitra teo ny fifandonana teo amin'ny roa tonta. Vokany dia io lavon'ny balan'ny zandary io ilay antsoina hoe Salama fa ireo namany kosa lasa nirifatra nitsoaka ary mbola nitohy ny fanenjehana azy ireo.

**Basy iray tratra**

Araka ny fanampim-baovao dia basy vita gasy sy basimborona no nampiasain'ireo jiolahy nandritra io fifanjevoana io ary dia tratra taorian'ilay fifampitifirana ny basy vita gasy iray ary efa nentina nogiazana any amin'ny biraon'ny zandary. Fantatra fa nandamoka araka izany ny fakana ankeriny nokasain'ireo olondratsy ireo hatao tamin'io fotoana io. Taorian'ny fanentanana mikasika ny tanamaron'ny fandriam-pahalemana nataon'ny mpitandro filaminana tany Ambohibary Vohilena ny 25 jolay teo, ny mba hisian'ny fiarahamiasan'ny mponina sy ny tomponandraikitra ifotony rehetra miaraka amin'ny zandary dia izao voasoroka izao ny asa ratsy.

T.H

Sabotsy Namehana

# Lehilahy avy namaky fiara nifanehatra tamin'ny zandary

Lehilahy iray avy namaky fiara no voasambotry ny zandary ny alin'ny sabotsy hifoha alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 1 ora maraina, tany amin'ny fokontany Beravina, any Sabotsy namehana. Nandritra ny fisafoana nataon'ireo mpitandro filaminana tamin'io alina io no nifanehatra tamin'ny tovolahy roa nitondra gony izy ireo. Raha vao nahita ireo zandary izy roa lahy dia nailo ary lasa nitsoaka. Tsy namelan'ireo mpitandro filaminana izy ireo ka nifanenjehana ka tsy lasa lavitra dia tratra ilay lehilahy iray 27 taona nitondra gony. Nosavana tao anatin'io gony io ka nahitana "batterie" an'ny fiara iray tao, miaraka amin'ny "clé" iray, "tournevis" iray ary "barre à pince" iray. Nandritra ny famotorana natao azy no nahafantarana fa halatra io "batterie" tratra tany amin'ity lehilahy ity ary fitaovana entiny manatanteraka ny asa ratsiny ireo zavatra hafa tratra tany aminy ireo. Natoron'io lehilahy voasambotra io araka izany ny toerana sy ny fiara novakiany nakana ireo ilay "batterie" sy "autoradio", izay tao Beravina ihany. Ny lohan'ny radio dia fantatra fa lasan'ilay namany tafaporitsaka. Niaiky izy fa roa lahy izy ireo no niaraka nanao ny asa ratsy. Efa nametraka fitoriana ny tompon'ilay fiara vaky. Mitohy kosa ny famotorana ilay lehilahy voasambotra sy fikarohana ilay namany.

T.H

Antalaha

# Basy vita gasy tratra tao amin'ireo mpivarotra rongony



Ilay basy nafenina tao ambany kidoro.

Basy vita gasy iray no hita nafenina tao ambany kidoro tao amin'ny tranon'ny mpivarotra rongony iray tany Antalaha, ny sabotsy antoandro teo. Nandritra ny fisavana nataon'ny polisy tao no nahitana izany. Ankoatra izay, rongony maromaro hafa koa no tratra tao amin'izy ireo. Olona roa, lehilahy 35 taona sy vehivavy 29 taona, no tratran'ny polisy teo am-pivarotana rongony tamin'io fotoana io. Avy tamin'ny roa lahy voasambotra teo am-pifohana rongony no nanondroany ireto olona mpivarotra zava-mahadomelina ireto. Rehefa tratra mantsy izy roa lahy ka nanontaniana izay nahazoany ireo rongony fohiny dia nanondro ny toerana nividianany izany. Nahitana rongony maromaro rahateo tany amin'izy roa lahy tamin' io. Rehefa nandehanan'ny polisy tany amin'ilay toerana fividianany zava-mahadomelina dia tratra ity lehilahy sy vehivavy mpivarotra rongony ity. Ary dia mbola tratra tao amin'izy ireo ihany koa ilay basy vita gasy iray nafenina tao ambany kidoro. Efa nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy ireo taorian'izay. Fa talohan'ny nahasamborana ireo olona efatra ireo dia efa nisy olona roa, vehivavy 49 taona sy lehilahy 40 taona, ihany koa voasambotry ny polisy tany Andampisoa, any Antalaha ihany, ny sabotsy maraina teo noho ny resaka fivarotana rongony. Mbola nahitana fonosan-drongony maromaro sy rongony mbola tsy vita anaty fonosana tao. Mitohy ny famotorana.

T.H

Itaosy

## Lehilahy hita faty tao an-tranony

Lehilahy iray no hita faty tao an-trano fonenany omaly tokony ho tamin'ny 7 ora maraina, teny amin'ny fokontany Tsarazaza, kaominina Itaosy, ao anatin'ny distrikan' Atsimondrano. Tsy nahitana ratra ivelany teny amin'ny vatany. Hatairana ny an'ny fianakaviany raha nahita ny razana. Raha vao nahafantatra mikasika ny zava-nitranga ny olona teo amin'ny manodidina dia niely vetivety ny feo ary tonga maro nitangorona nijery ny razana izy ireo. Tao ihany koa anefa ireo nahalala ny zava-niseho no avy hatrany dia nampandre ny mpitandro filaminana. Vantany vao naheno izany ny zandary avy eny Itaosy dia tsy niandry ela fa nandray ny andraikiny nanao fidinana ifotony nanao fitsirihana. Rehefa nampilazana mikasika ity faty hita ity ihany koa ny dokotera avy ao amin'ny hopitaly Itaosy dia nandeha nankany amin'ilay toerana nanao fizahana ny razana. Nandritra ny fahatongavan'ireto tomponandraikitra ireto tany amin'ilay toerana nahitana ny razana dia hita tokoa fa efa tsy miaina intsony ilay lehilahy nivalampatra teo ambony fandrianany. Araka ny fanazavana azo hatrany dia tsy maty nisy namono akory ity lehilahy ity fa fahafatesana voajanahary no nahatonga izao. Taorian'ny fizahana rehetra tokony natao dia efa natolotra ny fianakaviany ny razana.

T.H

Nosy Be

## Fatin-dehilahy tsy misy loha

Vono olona mahatsiravina no niseho tany Nosy Be. Lehilahy iray mantsy no hita faty ny sabotsy lasa teo, tany Nosy Be, ary tsy hita teo intsony ny lohany. Nahitana findy iray sy antsy teo akaikin'ny vatany. Olona tany an-toerana no nahita ilay razana tao anaty lavaka ka nampandre ny manodidina ary maro ny olona tonga nijery ny razana teo. Efa nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana tany an-toerana ka tonga nanao fizahana ifotony niaraka tamin'ny dokotera. Fantatra tamin'izany fa efa maherin'ny 48 ora no maty ity lehilahy, novonoina tamin'ny fomba feno habibiana, ity. Fantatra tamin'izany fa raim-pianakaviana, iray 48 taona, manan-janaka dimy, ity namoy ny ainy ity, ary mipetraka any Ambodimangasoa, any an-toerana, izy. Efa natolotra ny fianakaviany ny razana taorian'ny fizahana. Mitohy ny famotorana mikasika ity faty hita ity sy ny fikarohana ny nahavanon-doza.

T.H

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 218 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

**Atin-kena sy holatra**

Zavatra ilaina : Atin-kena omby, holatra, tongolo be, tongolo maitso, tongolo gasy

Fomba fikarakarana azy : Endasina mitokana ny atin-kena. Andrahoina ho masaka ihany koa ny holatra. Araraka ao anatin' ny hena aloha ny saosy voalaza etsy ambony. Izay vao araraka ao ny holatra. Rehefa mifangaro tsara, dia azo esorina eo ambony afo. Aroso miaraka amin'ny vary sy lasary legioma.

**MANAL'AZY DE MI'MEME**



## Sarisary zary tenany

*Tsy atondro*




## Hatsikana an-tsary

*Kambana*




## Masoandro iposaka

**1 Samoela 17 : 45**

**Fa hoy kosa Davida tamin'ilay Filistina: Hianao manatona ahy amin'ny sabatra sy ny lefona ary ny lefom-pohy; fa izaho kosa manatona anao amin'ny anaran' i Jehovah, Tompon'ny maro, Andriamanitry ny miaramilan'ny Isiraely, Izay efa nohaikainao.**

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Midodododo hoatra ny omby atao afana.**

Courir comme un bœuf qu'on va tuer pour les funérailles.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3017**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | | | | 6 | 5 | | 7 | |
| | | | | | | | 9 | 5 |
| 7 | | | 8 | | | 3 | | 1 |
| | | 2 | | 1 | | | | 8 |
| | | 6 | | | | 1 | | |
| 8 | | | | 4 | | 7 | | |
| 6 | | 4 | | | 3 | | | 9 |
| 5 | 3 | | | | | | | |
| | 2 | | 5 | 9 | | | | 3 |

Valin'ny laharana **3016**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 8 | 1 | 4 | 6 | 7 | 9 | 3 | 2 |
| 2 | 7 | 4 | 8 | 9 | 3 | 1 | 6 | 5 |
| 3 | 9 | 6 | 2 | 5 | 1 | 4 | 8 | 7 |
| 4 | 6 | 7 | 9 | 8 | 2 | 3 | 5 | 1 |
| 8 | 5 | 2 | 3 | 1 | 4 | 6 | 7 | 9 |
| 1 | 3 | 9 | 6 | 7 | 5 | 2 | 4 | 8 |
| 6 | 1 | 8 | 5 | 3 | 9 | 7 | 2 | 4 |
| 9 | 2 | 5 | 7 | 4 | 6 | 8 | 1 | 3 |
| 7 | 4 | 3 | 1 | 2 | 8 | 5 | 9 | 6 |

Antoko TGV teny Atsimondrano

# Miantso ny Filoha Andry Rajoelina hilatsaka hofidiana

*Namaly bontana ireo mpanenjika ny fitondrana ny Sekretera Nasionalin' ny antokoTGV, ary niantso famondronan-kery avy amin'ireo mpikatroka.*



Nafana fo tanteraka ireo mpikatroka TGV any Atsimondrano nandritra ny hetsika teny Tongarivo.

Antomotra ny fotoana ! Manomboka misesy amin' izany ny fanetsiketsehan' ireo antoko politika ireo mpikatroka eny ifotony, manoloana ny fifidianana filohampirenena. Ho an'ny antoko Tanora malaGasy Vonona, naTGV, dia ireo mpikatroka teny Antsimondrano no nanatanteraka fihaonam-be ny sabotsy lasa teo teny amin'ny fokontany Tongarivo Tanjombato. Hetsika izay namoriana ireo mpikambana TGV 4 000 mahery avy tao amin'ireo kaominina 26 misy ao anatin'ny distrika. Nitarika izany teny an-toerana ny Sekretera Nasonalin'ny antoko avy eto amin'ny faritan'Antananarivo, Atoa Hery Rasoamaromaka. Notronin'ireo olomboafidy isan-tsokajiny notarihan'ny depiote Andry Ratsivahiny sy minisitra mpiahy roa avy ao amin'ny governemanta. Ankoatra fampisehoana ho hitan'ny vahoaka ny asa vitan'ny fitondrana teny Atsimondrano, dia isan'ny antso niverimberina sy fiangavian'ireo mpikatroka TGV tao anatin'ity distrika ity ny fangatahana ny Filoha Andry Rajoelina hilatsaka hofidiana indray amin'ny 9 novambra ho avy izao. Nandritra ny fitondrany, hoy izy ireo, no nahavitana ireo fotodrafitrasa maro indrindra manerana ny nosy ka mila tohizina izany.

**Tahotra ny zava-misy**

Nanamafy moa Atoa Sekretera Nasionaly fa tokony havondrona ny hery manomboka izao ka tsy hibanjina afa-tsy ny fanohanana ny Filoha ankehitriny. « *Na teo aza ny sedra nahazo ity fitondrana ity dia nitady vahaolana hatrany ny Filohantsika nanasoavana ny vahoaka. Tokony hirehareha isika manana azy* », hoy izy. Nanentana ny rehetra ihany koa ny tenany mba tsy hanaiky ho voarebirebin' ny « *ankanga tsara soratra any ambadika any* ». Mikasika ny fanenjehana ataon'ny mpanohitra dia nilaza izy fa tahotra ny zava-misy vitan'ny fitondrana no mahatonga azy ireny hanakorontana.

**JUDD**

Any Kigali Rwanda ny Filoha Rajoelina

# Manatanteraka fitsidihana momba ny asa fampandrosoana ny firenena

Nigadona omaly hariva ao Kigali, renivohitr'i Rwanda ny Filoha Andry Rajoelina. Nitsena azy teo am-pahatongavana i Vicent Biruta, minisitry ny raharaham-bahiny Rwandais. Ho famaliana ny fanasana nataon'i Paul Kagame, Filoha Rwandais nandritra ny fitsidihany an'i Madagasikara ny 26 jiona 2019 no anton'izany. Ankoatra ny maha fitsidihana ofisialy azy, dia hisongadina amin'ny dian'ny Filoha ny fametrahana fifanarahana ara-toe-karena maro lafy, indrindra ny momba ny asa fampandrosoana ny firenena. Araka izany, hanamarika ny fihaonan'ny Filoha roa tonta manomboka anio ny fifanaovan-tsonia fiarahamiasa. Teboka iraisan'ny Filoha Rajoelina sy ny Filoha Kagame moa ny fikendrena ny fandrosoan'i Afrika na ny « Émergence de l'Afrique », miainga amin'ny fanomezana lanja ny fitiava-tanindrazana. Mifanojo amin'ny vinan'ny Filoha Rajoelina izay voarakitra ao anatin'ny Velirano rahateo ny politikam-pampadrosoana ampiharin'ny Filoha Kagame ao Rwanda. Misy mpikamban' ny governemanta, parlemantera, sy solontenan'ireo mpandraharaha miaradia amin'ny Filoha Rajoelina ao Rwanda.



Ny Filoha Andry Rajoelina noraisin'ny minisitry ny Raharaham-bahiny Rwandais teo am-pahatongavana tao Kigali.

**JUDD**

Loholona MMM Ndriana Rakotondrainibe

# Nikarakara hetsika ara-tsosialy teto Antananarivo

Nanomboka ny faran'ny volana jolay 2023 teo dia nikarakara hetsika ara-tsosialy amin'ny alalan'ny fisafoana sy fizahana ara-pahasalamana maimaimpoana ho an'ny Reny sy ny Zaza ny Loholona Malagasy Miara-Miainga (MMM) voafidy teto Antananarivo, Atoa Ndriana Rakotondrainibe. Hetsika izay natao indrindra hanampiana azy ireo manoloana ny fahalafosan'ny saran'ny fitsaboana ankehitriny sy hanamaivanana ny fiatrehan'izy ireo ny fahasahiranana amin' ny andavanandro. Nanomboka teny Imerinafovoany, distrikan'Ambohidratrimo izany ny 28 sy 29 jolay 2023 teo ary nitohy teny amin'ny Centre de Santé Mamindra Aina Alasora, distrikan' Antananarivo Avaradrano, izay toeram-pitsaboana natsangan'ny MMM, ny 04 sy 05 aogositra 2023 lasa teo. Nomarihany fa mbola ho avy ihany koa ny anjaran'ireo toerana hafa izay hisitraka ity hetsika ara-pahasalamana maimaimpoana ity.

**JUDD**

midigazetikom@gmail.com

## Marina izany !

### Fiomanana.... !

**Andro sisa no isaina dia higadona ny lalaon'ny Nosy hotanterahina sy hampiantranoina eto Madagasikara. Efa samy manao ny fiomanana amin'izany avokoa ireo atleta malagasy any anivon'ireo tranjam-panatanjahantena samihafa handraisantsika anjara. Miditra an-tsehatra hatramin'ireo minisitra mpiahy azy ireo. Tsy vitan'ny hoe mila fiomanana foana ny lalao ara-panatanjahantena, indrindra fa eo amin'ny sehatra tahaka itony, fa voninahi-pirenena rahateo no arovana. Tsy ny any anivon'ny sehatry ny fanatanjahantena ihany no ahitana fiomanana fa mihetsiketsika daholo amin'izao ny antoko sy ny mpanao pôlitika. Tato ho ato dia tazana hatrany any amin'ireny fivoriana na fihaonambe ara-pivavahana ireny ny mpanao pôlitika sasany. Asa moa na efa tafiditra ao anatin'ny fiomanana daholo izany karazam-pisehoana imasom-bahoaka izany amin'izao ankatoky ny fifidianana filoham-pirenena izao. Ankilan'izany, vao nahavita ny fikaonandoha iraisam-paritra ihany koa ry zareo mpitandro ny filaminana. Tany an-drenivohitr'i Menabe moa no nanatanterahana azy io, ary nadray anjara tamin'izany ny tafika, ny zandarimariam-pirenena, ary ny pôlisim-pirenena. Hanamafisana ny fitandroana ny fandriam-pahalemana eo amin'ny firenena no anton'ny fikaonan-doha, izay efa tafiditra amin'ny fanazaran-tena ho fiatrehana ny fanatanterahana ny fifidianana filohan'ny repoblika hatao eto Madagasikara ho avy io.**

Lucien Raharison

Razafimamonjy Laza Rabary

# Hiofana momba ny leadership any Harvard



Izy no Razafimamonjy Laza Rabary.

Isan'ireo nahafeno ny fepetra ahazoana manaraka fiofanana any amin'ny oniversite Harvard any Etazonina Atoa Razafimamonjy Laza Rabary. Manomboka rahampitso talata 08 aogositra no hanatanterahany ny fiofananana momba ny leadership any amin'ny oniversite Harvard ( Massachussetts- Boston- USA), mandritra ny iray volana, mba hahazoana ny maripahaizana CLE ( Certificate of Leadership Excellence). Ankoatra ny andraikitra ambony tazoniny eto amin'ny firenena moa dia mpampiofana eny amin' ny Sekoly ambony mampiofana ny Mpiasampanjakana ambony (ENAM ) ny lehilahy ary efa mpikambana tamin'ny "Conseil scientifique" tao amin'ny INDDL ( Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjarampahefana ) ny taona 2014- 2018. Tsy dia tia misehoseho loatra izy kanefa fantatra fa manomana ny "doctorat en Droit" any amin'ny oniversiten'i Fianarantsoa ihany koa amin'izao fotoana izao.

**Niry R.**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Brickaville - Andekaleka

# Tsy mahafa-po ireo mpanjifa ny tolotra amin'ny fitaterana an-dalamby

''Voafetra hatrany ny isan'ny olona mahazo mandeha''



Mijaly amin'ny fahazoana toerana isaky ny handeha ny mpanjifa ao Andekaleka.

Tsy mahafa-po sy tsy mahavaha ny olan' ireo mpanjifa ny tolotra amin'ny fandehanana fiaran-dalamby manomboka eo anelanelan'i Brickaville hatrany Andekaleka. *''Tsy afaka manaram-po izahay eo amin'ilay fitaterana satria voafetra hatrany ny isan'ny olona mahazo mandeha. Ny olana dia efa tapaka ny billet kanefa efatra ihany no mahazo miakatra ao anaty fiaran-dalamby ka mihemotra hatrany ny dia. Ho anay moa amin'ny maha programam-panjakana ny asa atao dia voatery mandeha an-tongotra. Mahavokatra izahay tantsaha mipetraka manamorona ny gara masinina rehetra ka ny fangatahanay dia mba tokony hampiana ny wagon-nay mpandeha. Raha io kilasy faharoa telo io fotsiny hialan'ny kilasy voalohany dia tsy ho ampy anay mpandeha''*, hoy ny solontenan'ny mponina izay mpiasam-panjakana ao Brickaville.

**Hikatona**

Hatramin'ny niandohan'ity taona 2023 ity hatramin'ny volana jolay teo dia tsikaritra fa mihasimba ny fotodrafitrasan'ny lalamby ka atahorana hikatona indray ny fitaterana olona noho ireo vy marobe mitazona ny lalamby izay misy mangalatra, raha ny fanambarana nataon'ny tomponandraikitry ny Madarail. *''Io vy io no antsoina hoe clipe mitazona lalamby, 1 400 mahery no efa nisy nangalatra izao raha 3 000 tamin'ny taon-dasa. Tsy maintsy ho mafy sy hentitra ny sazy hihatra amin'ireo olona tratra mangalatra an'ireo vy ireo, satria lasa ny vahoaka mpanjifa indray no mahatsiaro mijaly sy mihafy amin'ny fahafahana mivezivezy''*, hoy hatrany ny tomponandraikitra. Nisy roa herinandro lasa izay ny fivoriambe niarahan'ny tamin'ny solontenan'ny mponina mipetraka manamorona ny lalamby, ny Madarail, ny mpitandro filaminana, ireo mpividy vy ary ny governoran'ny Faritra Atsinanana nentina nandinika ny fomba hiarovana ny lalamby izay fananana iombonana.

**Heriniaina A.**

Bakalorea 2023

# Amin'ny 18 aogositra izao no hiakatra fitsarana ireo voarohirohy

Raha mbola miteraka resabe eny anivon'ny fiarahamonina eny hatramin'izao ny mahakasika an'ilay nivoahan'ny laza adina nialoha tamin'ny Bakalorea farany teo. Fantatra izao fa nisy 06 kosa ireo nahazo fahafahana vonjimaika, ka raha ny fanampim-baovao azonay dia amin'ny faha-18 aogositra 2023 ho avy izao izy ireo no hiakatra fitsarana ireo olona 13 nampidirina amponja vonjimaika. Taorian'ny finadihadiana an'ireo olona rehetra voarohirohy tamin' iny raharaha nivoahan'ny laza adina Tantara sy Jeografia nialoha tamin'ny Bakalorea teo iny dia olona 13 no notanana am-ponja vonjimaika. Misy mpandraharaha dimy ao amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana ambaratonga Ambony, ''encadreur'' mbola eo anivon'ny MESUPRES ihany koa, mpampianatra Allemand ao amin'ny oniversiten'i Fianarantsoa, ny mpanampy ny sekretera manokan'ny eo anivon'ny MESUPRES, mpampianatra Malagasy ao amin'ny Lisean'i Miarinarivo, ary mpampianatra ao amin'ny Lisean'i Fenoarivo. Tsiahivina fa ny 31 jolay 2023 lasa teo ihany moa dia efa niakatra fampanoavana ireo olona voarohirohy ireo. Hatreto kosa dia mandeha ny fikirakirana ny taratasimpanadinana manerana ny faritany enina teo aloha ary efa misy ireo nahavita 100 isanjato an'izany ka ny famoahana ny voka-panadinana no sisa andrasana.

**HAR**

Sahandriaka telon"ny Jirama

# Handefasana orana artifisialy, hampiakarana ny rano amin'ny barazy

Noho ny tsy firotsahan'ny orana nandritra ny ririnina ka miteraka tsy fahampiandrano amin'ireo barazy hydroélectrique'' amokaran' ny Jirama herinaratra eto Antananarivo. Handatsahana orana artifisialy ireo toerana telo misy ireo sahandriaka dia : Andekaleka, Mantasoa sy Tsiazompaniry. Omaly alahady 6 aogositra ary hitohy anio alatsinainy izany fandatsahana orana izany, satria efa feno ny fepetra ahafahana manao an'izany. ''Hampiakarana ny haavon'ny rano amin'ireo sahandriaka telo ireo no tanjona, mba hamokarana herinaratra hahafahana mampitombo ny vokatra hifehezana ny fahatapahan-jiro. Indrindra ho an'ny tambajotra mamatsy herinaratra iraisan'Antananarivo'', hoy ny eo anivon'ny Jirama. Miara-misalahy manatanteraka an'izao asa izao ny sampandraharaha mpamantatra ny toetry ny andro sy ny orinasa Jirama. Antenain'ny mpanjifa hatrany ny hihenan' ny delestazy mba tsy hanimba ny fitaovana ao an-tokantrano sy mba hahafahana manohy ny velontena isan'andro, ho an'ireo izay tsy maintsy mampiasa herinaratra vao afaka manao ny asany.

**Heriniaina A.**

Seces sampana Antananarivo

# Hiverina hanao fivoriambe indray anio

Nanohy ny dingana sy maneho hatrany ny fanohizana ny fitakiana ny zony ny Seces sampna Antananarivo ny herinandro lasa teo. Hiverina hanao fivoriambe indray anio ity sandikàn'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra eny amin'ny oniversiten'Antananarivo ity. *''Raha hitohy ny fampiharanay ny oniversite sy foibem-pikarohana nasionaly maty dia ho rava tanteraka ny fampianarana ety Ankatso. Noho izany indrindra no hiantsoanay ny mpitondra fanjakana hoe: mihevitra izahay Seces fa misy raiamandreny nanaiky handray andraikitra eto fa hitsinjo ny vahoaka ao aminy. Noho izany fitiavana tsy noterena na novozonana nakan'izy ireo an'izay andraikitra izay, mino sy manantena izahay fa mba tonga ny fotoana hihainoana ny feon'ny vahoaka sy ny feon'ny madinika''*, hoy ny Dr Ravelonirina Sammy Gregoire ny herinandro teo. Nomarihin'ity farany fa mitaky sy miaro ny zo amin'ny maha sendikà sy maha mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra azy ireo ny Seces. Taorian'ny tombana nataon'ity sendikà ity dia tsy mbola nahitana vokatra nahafa-po ny mety ho ezaka nataon'ny fitodram-panjakana niaraka tamin'ny Seces na tsia, koa dia antony mbola isian'ny oniversite sy foibem-pikarohana nasionaly maty ny herinandro teo.

**HAR**

RHEFI Madagasikara - 18 taona

# Mpino 50 000 no andrasana eny amin'ny Coliseum




Ny pasitera Randrianaivoravelona Adolphe, filohan'ny filankevi-pitantanan'ny fiangonana RHEFI Madagasikara.

Mpino manodidina ny 50 000 mahery no andrasana eny amin'ny Coliseum Antsonjombe ny alahady 13 aogositra ho avy izao, mandritra ny fankalazana ny faha-18 taona nijoroan'ny fiangonana Rhefi eto Madagasikara. Raha ireo antontan'isa ireo dia tsy ho omby ny Coliseum, izay tsy mahazaka afa-tsy 40 000 eo, ka hisy ny "écran géant" ho an'ireo taraiky eny ivelany. Anio alatsinainy sy rahampitso talata no manomboka ho avy avokoa ireo mpino rehetra avy any amin'ny faritra. Efa vonona sy mipetrapetraka ny fanomanana rehetra karakarain'ireo tomponandraikitra, ahitana pasitera 500. Efa vonona ny trano handraisana ireo avy any amin'ny faritra na misafidy ho any amin'ny hotely, na any am-piangonana. Nohamafisin'ny pasitera Randrianaivoravelona Adolphe, Filohan' ny Filankevi-pitantanan'ny Rhéfi Madagasikara, fa efa vonona tanteraka na ny fandraisana, na ny fitandroana ny filaminana, ary hisy sivily hanampy ireo mpitandro filaminana amin'izany. Teny faneva amin'io fotoan-dehibe io ny hoe : "Vavaka fandravana sakana", ka anasany an'ireo olon-drehetra tsy an-kanavaka. *"Afaka manatrika ao daholo na ny mpanao politika aza, saingy tsy afaka mandray fitenenana ho fitandroana ny hasin'ny fiangonana, mba tsy ho fitaovana politika indray"*, hoy hatrany ny pasitera Adolphe. Randrianaivoravelona.

**Niry R.**

Voly katsaka sy vary an-tanety

# Mitombo ny vokatra rehefa ampiasana zezika kaomposta

*''Tany aloha aho dia efa namboly katsaka ihany fa rehefa nomen'ny FID fiofanana dia nampitombo traikefa teo aminay ilay izy. Talohan'ny nisitrahako ny tetikasa dia tsy nisy fiovana firy ny vokatra isan-taona, fa rehefa niaraka tamin'ny FID dia nisy tombony ny vokatra, na katsaka na vary an-tanety, na ny legioma sy anana, hatramin'ny nampiasanay ny zezika kaomposta''*, hoy Rtoa Raoliarisoa Clarisse, na Fara, avy any Antsirabe, mpamboly any amin'ny kaominina Ambohidranandriana. Nambarany fa tany aloha dia teo amin'ny telo na efatra gony voakapoka ihany ny vokatra katsaka azony isan-taona. Amin'izao fotoana izao kosa anefa dia nitombo izany ka dimy gony faharahakeliny. Ny nisitrahany ny fandaharanasa Vatsin'ankohonana no nahafahany nanatsara ny famboleny. Nomarihiny fa raha atambatra ny vokatra katsaka mandritra ny herintaona eo amin'ny tanànan' izy ireo dia mahatratra 10 t eo izany.

**Masomboly**

*''Misedra olana izahay amin'ny vidin'ny katsaka any aminay, satria olona mpanangom-bokatra tsotra no mividy an'izany any ifotony ka izay tiany hanaovana ny vidiny no handraisany ny vokatra. Any aminay izao, 300 Ar latsaka ny iray kapoaka, kanefa amin'izao Fier Mada izao dia mba 1 200 Ar ny kilaon'ny katsaka. Ho fanatsarana ny fambolena ataonay dia mahazo masomboly voan'anana sy ''haricot vert'' avy amin'ny FID izahay. Raha ny katsaka sy ny vary an-tanety indray dia manana tahiry masomboly izahay''*, hoy hatrany ity Renimpianakavina ity. Tombony amin'ny fanatsarana ny fambolena ataony, hoy izy, ny fampiharana ny fiofanana azony amin'ireo tekinikampambolena, ny fampiasana zezika kaomposta, miampy ny ady gasy amin'ny fampiasana ny fanafody hiarovana ny fambolena amin'ny bibikely. Noho ny fisitrahany ny Vatsin'Ankohonana dia mahazo fanampiana arabola avy amin'ny FID ihany koa ny zanany 5 taona ho fampitaovana sy handoavana saram-pianarana amin' ny fianarana ataony. Omaly moa no nifarana ny Fier Mada natao teo ivelan'ny kianja Maki Andohotapenaka.

**Heriniaina A.**